# LE PARTICIPE PRESENT

Ny participe présent dia anisan'ny endrika isehoan'ny verbe amin'ny teny frantsay. Ny terminaison "-ant" no amantarana azy rehefa tanisaina ho an'ny verbe rehetra.

Exemples:

avoir – ayant

être – étant

parler – parlant *(miteny)*

profiter – profitant *(manararaotra)*

réfléchir – réfléchissant *(miheritreritra)*

agir – agissant *(miasa)*

partir – partant *(miainga)*

sortir – sortant *(mivoaka)*

savoir – sachant *(mahalala)*

vouloir – voulant *(te, mikasa)*

faire – faisant *(manao)*

Misy sehatra vitsivitsy ampiasana ny participe présent izay hojerena manaraka eto.

**Faire une subordination/ Manampy fanazavana**

- Les gens **vivant** dans ce quartier ont l'air riche. / *Manao endrika mpanan-karena ny olona mipetraka amin'ity tanàna ity.*
- Toutes les personnes **ayant** les qualifications peuvent postuler pour l'emploi. / *Afaka manao fangatahana ilay asa daholo izay olona rehetra manana ny mari-pahaizana.*
- Tu vas tout droit et tu verras une dame **portant** un long vêtement. / *Mandeha mahitsy foana ianao, dia mahita ramatoa manao akanjo lava.*

**Exprimer la cause / Milaza anton-javatra**

- Pensant à ma petite amie, j'ai envie de partir tout de suite. / *Miheritreritra ny sipako aho, dia te hiainga izao dia izao.*
- Voyant ce que vous faites, je veux faire le même. / *Mahita ny zavatra ataonao aho, dia te hanao tahaka izany ihany koa.*
- Les voleurs, apprenant que les policiers sont en route vers eux se sont enfuis. / *Ireo mpangalatra, naheno hoe an-dàlana ho any amin'izy ireo ny polisy, dia nitsoaka.*

**gens**: olona

**vivant** (*v* vivre): miaina

**quartier**: tanàna

**ont** (*v* avoir): manana

**avoir l'air**: manana endrika

**riche**: mpanan-karena

**toutes**: rehetra

**personne**: olona

**ayant** (*v* avoir)

**qualification**: fahaizana

**peuvent** (*v* pouvoir): afaka

**postuler**: manao fangatahana

**emploi**: asa

**vas** (*v* aller): mandeha

**tout droit**: mahitsy

**verras** (*v* voir): mahita

**dame**: ramatoa, madama

**porter**: mitondra, manao akanjo

**long**: lava

**vêtement**: akanjo

penser: miheritreritra

**petite amie**: sipa vavy

**ai** (*v* avoir)

**avoir envie de**: maniry ny

**partir**: miainga

**tout de suite**: izao dia izao

**voyant** (*v* voir)

**faites** (*v* faire): manao

**veux** (*v* vouloir): te, mikasa

**le même**: ny mitovy

**voleur**: mpangalatra

**apprenant** (*v* apprendre): mahazo

**policier**: polisy

Anglais Français en Ligne

**Actions qui se déroulent en même temps / Asa na tranga miara-miseho**

Raha entina milaza tranga na asa miara-miseho ny participe présent, dia miseho amin'ny mode gérondif, izay ialohavan'ny teny "en."

penser – en pensant *(miheritreritra)*

tomber – en tombant *(mianjera)*

bondir – en bondissant *(mitsambikina)*

punir – en punissant *(manasazy)*

sortir – en sortant *(mivoaka, mamoaka)*

se répentir – en se répentant *(mibebaka)*

Exemples:

- Il marche en chantant. / *Sady mihira izy no mandeha.*
- Fernand pleure en pensant à sa vie. / *Sady mitomany i Fernand mandinika ny fiainany.*
- Vous accomplissez les tâches tout en respectant les règles régissant notre contrat. / *Vitainareo tsara ny asa sady manaja tanteraka ny fitsipika mifehy ny fifanarahana.*

**en route**: an-dàlana

**vers**: mankany

**se sont enfuis** (*v* s'enfouir): mandositra

**marcher**: mizotra

**chanter**: mihira

**pleurer**: mitomany

**vie**: fiainana

**accomplissez** (v accomplir): mamita

**tâche**: asa, raharaha

**respercter**: manaja

**règle**: fitsipika

**régissant** (*v* régir): mifehy

**contrat**: fifanarahana

Anglais Français en Ligne